Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

**04 Juin 2020 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)**

Mpitandrina : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Ampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin' ny fahalalana tsara an' Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompontsika.

**Hira : Antoko mpihira**

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Lohahevitra :** *« Ny vavahady ety » na « ny làlana tery ».*

**Vakiteny 1 : Mat 7, 13-14**

*« 13 Midira amin' ny vavahady èty hianareo; fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana izay mankany amin' ny fahaverezana, ka maro ny miditra any.14 Fa èty ny vavahady, ary tèry ny làlana izay mankany amin' ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy. »*

***Fanazavana ny teny***

**Hira : 170 FFPM and 1,2 « Ry Jeso, ny fitiavanao »**

**Vavaka :**

-Fisaorana an'Andriamanitra noho ny fitiavany ka namonjena antsika tao amin'i Jesosy Kristy.

-Fisaorana an’Andriamanitra noho ny Teniny izay omeny isan’andro ho mpitari-dàlana sy mpanitsy antsika.

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Vakiteny 2 : Mat 7, 15-20**

*15 Mitandrema hianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin’ ny fitafian’ ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy.16 Ny voany no hahafantaranareo azy. Manoty voaloboka amin’ ny tsilo va ny olona, na aviavy amin’ ny songosongo? 17 Dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy rehetra dia mamoa voa ratsy.18 Ny hazo tsara tsy mety mamoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamoa voa tsara.19 Ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo.20 Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy. »*

***Fanazavana ny teny***

**Hira : 599 FFPM and 1,3 « O, ry Jesosy mifaly ny foko »**

**Vavaka :**

- Fifonana noho ny heloka sy ny ditra ;
- Fanavaozana ny fanoloran-tena ho an’Andriamanitra
- Ho an’ny Fiangonana kristiana mba ho mpaminany marina tokoa

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Vakiteny 3 : Mat 7, 21-23**

*« 21 Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin’ ny fanjakan’ ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon’ ny Raiko Izay any an-danitra.22 Maro no hanao amiko amin’ izany andro izany hoe:*

*Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin’ ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin’ ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin’ ny anaranao va izahay?23 Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka. »*

***Fanazavana ny teny***

**Hira : 4 FF and 1 « Ry Fanahy ô ! midina »**

**Famaranana**

**Hira : 4 FF and 2 « Ry Fanahy ô ! monena »**

**Vavaka :**

**-** Ho an’ny tsy salama ; ho an’ny azon’ny manjo ; ho an’ny mahantra sy ny tsy manan-kialofana sns.

- Ho an’ny tokan-trano tsirairay mba hanjakan’ny fiadanan’i Kristy

- Ho an’izao tontolo izao

**Vavaka (Mpitandrina) + *« Rainay izay any an-danitra… »***

**Tsodrano :**

*« Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan’ i Jesosy Kristy Tompo sy ny fitiavan’ Andriamanitra Ray ary ny firaisana amin’ ny Fanahy Masina. »* (2 Kor 13, 14)

*Mpitarika:* Voninahitra ho an’Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin’ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin’ny fiadanan’ny Tompo. Amena.